FIANGONANA LOTERANA MALAGASY

SYNODAM-PARITANY FLME

FIRAISAN'NY FIFOHAZANA LOTERANA

Pouru Saint Remy, faha-15 Jolay 2021

« Aoka isika hifampandinika hampandroso ny fitiavana sy ny asa tsara » Hebreo 10: 24

Ry Havana,

"Ho aminareo mandrakariva anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo." I Kor 1.3

Mindrana io teny fanevan'ny Zaikabe FIFIL etsy ambony io, izay hatao ao Manakara ny 04/08/2021 -08/08/2021, izahay ho fanomezana ny toromarika amin'ny fanaovana ny Asa sy Fampaherezana eto anivon'ny SPFLME.

Misaotra an'Andriamanitra isika nahatanteraka ny isan-taonan'ny Toby Pouru Saint Rémy ny 09/07/2021-14/07/2021 lasa teo. Nisy ny asa sy fampaherezana ary ny fepetra nampiharina tamin'izany dia ny fitakiana "**Pass Sanitaire**" ho an'ny mpiandry izay hiasa. Noho izany àry, dia io ihany koa no ampiharina eran'ny Fiangonana eto amin'ny SPFLME. Ny "Pass Sanitaire" misy eto amin'ny firenena izay onenantsika izany no ampiharina.

Manana fahalalahana ny tsirairay ny amin'izay ho heviny, ny amin'ny fanaovana vaksiny na tsia, kanefa miangavy anareo izahay mba hitazona izany ho anao samirery, ka tsy handresy lahatra ny hafa ny amin'izany fomba fijery manokana izany.

Ny Tobilehibe Ankaramalaza dia mamporisika ny olona hatao vaksiny, ary mifanaraka tsara amin'ny fampianarana voatolotra izany, dia ny manaiky ny fitsaboana ara-medikaly. Porofon'izany ny fisian'ny toeram-pitsaboana ao Ankaramalaza.

Koa dia manantena fiaraha-miasa mavitrika avy amintsika tompon'andraikitry ny FIFIL eto amin'ny SPFLME amin'ny fanaraha-maso sy fampiharana ny toromarika.

"Mahatoky izao teny izao ka tokony hekena amin'ny fankasitrahana rehetra" I Timoty 4:9

"Veloma amin'ny sakaiza tsirairay araka ny anarany avy" III Jaona 1: 15

Ny Tonia FiFiL SPFLME,

Katekista Randriambololona Jean